


TORITENY - FANKALAZANA NY FIANAKAVIANA MASINA – Taona D



Nahoana no nitady ahy hianareo? Tsy fantatrareo va fa tsy maintsy ho ao amin'ny Raiko aho? Lk 2,49

Ry kristianana havana amin'izao alahady manaraka ny noely izao dia asain'ny Eglisy isika hibanjina ny fianakaviana satria raha nahary atsika olombelona tokoa Andriamanitra teo anivony fianakaviana no namonjeny atsika. Tsy mahagaga ary amin'izao Alahady manaraka ny noely izao asain'ny Eglisy isika na dia isanandro isanandro aza no tsy maintsy hibanjina an'izay fianakaviana izay, mba handinika bebe kokoa ny anjara toerana lehibe sady fototra no loharanon'ny fiainantsika ihany koa ny anjara toeran'ny fianakaviana fa indrindra amin'izao taonan'ny famindrampo izao. Mirary soa ho an'ny fianakaviana tsirairay eto anivon'ny diosezy aho mba ho Eglisy kely tokoa ary ny fianakaviantsika .

Vakiteny I : 1 Sam 1: 20-22, 24

Tononkira : Sal. 83: 2 – 3, 5 6, 9

Vakiteny II : 1 Jn. 3: 1 – 2, 21 – 24Evanjely : Lk. 2: 41 – 52

Fantatrantsika amin'ilay taratasy pastoraly farany vao nalefako tamintsika manazava ny inona marina ny maha-Eglisy ny Eglisy ? ary dia izay no tiako hisontomana ny saintsika amin'izao fankalazantsika ny fianakaviana masina misy an'i Jesoa, Masina Maria ary Md Josefa, ny maha-Eglisy kely fototra lehibe. Azo lazaina izany fianakaviana izay ny pastoralintsika izany hoe fiainantsika ny maha-Eglisy atsika, ny

fianana amin'ny maha-katolika atsika. Tsara hosoritana amintsika ny toetra maha-Eglisy ny Eglisy dia ny mivavaka, mandalina ny finoana, manompo, vavolombelona, raha manambara ny vaovao mahafaly, misionera. Azo lazaina koa fa fototry ny fampianarana izao andro fankalazana ny fianakaviana masina izao, tohizana ary ny fandalinana an'io ary hiainana indrindra fa amin'ny alalan'io ny handraisantsika an-tànanana an'ity diosezintsika ity, amin'ny alalan'ny fiombonantsika amin'ny Eglisy erantany amin'izao taonan'ny famindrampo izao. Andraisantsika an-tànanana amin'ny alalan'ny hasim-pinoana ihany koa hahatonga an'izay hoe atsika manome hasina ny maha-katolika atsika ka ny finoantsika ihany koa no manome hasina antsika amin'ny alalan'ny sakramenta.

Ny fampianarana faharoa tiako asongadina amin'izao fankalazana ny fianakaviana masina, henontsika teo ny tantara fa tsy nandeha hoazy ny fiainan'ny fianakaviana masina izay, ny fampijoroana amin'izay maha-Eglisy ny Eglisy izay ry Kristianina havana. Nanana asaloha goavana i Josefa sy Maria fa tsy hitany i Jesoa, mitranga izay amin'ny resaka fanabeazana eo amin'ny fianakaviana. Fantaro anefa fa tao amin'ny tranon'ny Tompo no nahitana an'i Jesoa, ho aiza moa aho fa tsy maintsy ho ao antranon'ny Ray araka ny valintenin'i Jesoa. Izay koa no lèlana hahafahantsika mamaha ireo olana maro be eo amin'ny fianakaviana, tsy maintsy ao amin'ny fandalinantsika ny finoana, aoka ho fianakaviana misy an'Andriamanitra ny fianakaviantsika. Raha misy ny firariantsoa ho antsika fianakaviana tsirairay avy amin'izao andro fankalazana ny fianakaviana masina izao dia ho tranon'ny Ray tokoa anie ny tranon'ny fianakaviana tsirairay jiaby satria ao amin'Andriamanitra tokoa no ahitantsika vahaolana ilaina rehetra ary hitondra atsika amin'ny fahasoavana

Ny fahatelo indrindra amin'izao taona masina famindrampo izao dia ny fahaizantsika tahaka an'i Jesoa, na dia eo aza ny asaloha maro tamin'izay fotoana izay ho an'izy telo mianaka, dia tao antranon'ny Ray. Izay koa ho antsika mba hanjaka tokoa izay famindrampo izay eo anivon'ny fianakaviana tsirairay avy izany hoe mifamindra fo ny Ray sy ny Reny ary ny zanaka ka amin'izay na dia eo aza ireo olana maro samy hafa mety hatrehina fa ao anaty famindrampo no hiezahantsika hitadiavana ny vahaolana rehetra. Tahaka ny voalazan'ny vakiteny voalohany bokin'i Samoela : nahazo fahasoavana izy ireo ka ilay zanany natolony ho an'Andriamanitra. Ka enga anie atsika tsirairay avy mba ho vonona hanolotra ny fainantsika manontolo, izay ny famindrampo, hanolotra ny fianan'ny fianakaviana amin'Andriamanitra amin'izay dia tena hiseho amintsika tokoa ny maha-zanak'Andriamanitra atsika araky ny voalazan'i Md Joany amin'ny vakiteny faharoa : na dia mbola tsy hitantsika tanteraka aza ny maha zanak'Andriamanitra atsika, hivelona azy isanandro isika ary indrindra izao tontolo izao no tsy mahalala an'izay fa isika kosa izay nampalalan'Andriamanitra dia tena zanak'Andriamanitra tokoa isika hoy Md Joany. Izay no irintsika amin'ny fianakaviantsika tsirairay avy, aoka ny fontsika hifototra amin'Andriamanitra ka ho fo feno fahasoavana no entintsika mamakivaky ny taom-baovao ka hahatonga atsika hiombona anjara amin'ny maha zanak'Andriamanitra atsika. Raha tsy manameloka atsika ny fontsika dia mahazo manatona an'Andriamanitra ampitokiana isika ary na dia inona no angatahintsika dia ho azontsika satria zanak'Andriamanitra isika , fo vaovao, mifamindra fo, mifanao soa no entintsika mankalaza an'izao taona masina izao.

Ry Jesoa Tompo ô nanaiky hitoetra eo anivon'ny fianakaviana ianao , mankasitraka mankatelina anao izahay ary mivavaha ho anay mba ho eo anivonay tokoa ny fahasoavanao ka hahay hifankatia ny fianakaviana satria izy mifankatia no lanitra eto an-tany satria fiombonana ny lanitra ary izay ny fahamasinana dia ny fiombonana aminao. Masina ny fianakaviana tao Nazareta nisy anao sy i Maria ary i Josefa, teo anivon'io fianakaviana io ianao ka Masina izy ary izay ny fifankatiavana. Raha mifankatia tokoa ny fianakaviana dia izay ny lanitra, enga anie hitombo hatrany ny fifankatiavanay ao anaty fifamelan-keloka, ao anatin'ny fifanajana ary ao anatin'ny tena fahendrena araka ny fampianaranao, araka ny Evanjely torinao ka amin'izay dia hanjaka eo aminay tokoa ny tena fihavanana marina sy ny fiadanana ampianarinao anay ka hiombonanay tanteraka aminao ka ho iray tampo aminao tokoa izahay, ho olo araiky aminao, ho fianakaviana, ary fianakaviana tsy mikombona fa tahaka ny Trinite Masina, fianakaviana miombona ary manambara vaovao mahafaly amin'ny manodidina anay. Amen